# LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement"

**BUREAU CENTRAL DE LA FPMA** **AVRIL 2026** **N° 026**

### ÉDITORIAL

## PRINTEMPS SPIRITUEL ET ESPERANCE RENOUVELEE

(Colossiens 3,1-3)

À l'heure où notre monde traverse des crises multiples — économiques, sociales, familiales et spirituelles — nombreux sont ceux qui ressentent fatigue, inquiétude et découragement. Même au sein de notre communauté FPMA, ces réalités ne nous épargnent pas. Les épreuves du quotidien peuvent peser lourdement sur notre foi et nous détourner de l'essentiel.

Pourtant, la Parole de Dieu nous adresse un appel clair et puissant à travers l'Épître aux Colossiens :

« Si donc vous êtes ressuscités avec Christ, cherchez les choses d'en haut… Attachez-vous aux choses d'en haut, et non à celles qui sont sur la terre. » (Col 3,1-2)

Ce message résonne avec une force particulière en cette saison de printemps. Le printemps est le symbole du renouveau, de la vie qui refleurit après l'hiver. Les arbres bourgeonnent, la nature se relève, et tout semble reprendre souffle. De la même manière, Pâques nous rappelle que la résurrection du Christ est la source d'un renouveau intérieur profond.

Chers frères et sœurs, même lorsque les circonstances nous semblent sombres, notre vie est

# MIALA AMIN'NY FASANA IZAY MBOLA ITOERANTSIKA

## Mat 28.1-11

Faly miarahaba antsika nahatratra izao Paska 2026 izao.

Velona ny Tompontsika, resiny ny fahafatesana!

Miaraka amin'izany, ry havana, dia misy fandresena lehibe maro omen'ny Tompo ny zanak'olombelona amin'izao fitsanganany amin'ny maty izao:

**Resiny ny fahotana**

Tsy nahazona Azy tao am-pasana ny fahotana, satria "ny fahafatesana no tambin'ny ota".

Resiny izao tontolo izao tsy nino

Ireo manam-pahefana sy mpitondra fivavahana tamin'izany andro izany no nisolo tena izao tontolo izao nandà Azy.

**Resiny ny devoly ,**

izay nitarika ireo olona tsy hino ka nampamono an'i Jesosy. Ary ambonin'izany rehetra izany:

**Resy ny fahafatesana ,**

Izany no fandresena lehibe indrindra sy vaovao mahafaly entin'ny Paska ho antsika. Noho izany, ry havana, izao fitantarana ny fasana foana izao dia nataon'i Matio ho toy ny vavolombelona ara-dalàna (porofon'ny zava-nitranga) manambara ny fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty sy ny fandreseny ny fahafatesana.

**Tena zava-nisy ny fitsanganan'ny Tompo**

Ny fasana foana ary nisy vavolombelona nahita izany. Ary tsy izany ihany fa tafahaona tamin'i Jesosy koa izy ireo

**Fanazavana ny fasana foana**



Tsy ampy anefa ny fasana foana fotsiny fa mila fanazavana izany ka ny anjelin'Andriamanitra no nirahiny hitondra izany fahazavana izany. Hoy ilay anjely:

***"Aza matahotra ianareo; fantatro fa Jesosy Izay nohomboana tamin'ny hazo fijaliana no tadiavinareo. Tsy ato Izy, fa efa nitsangana araka izay nolazainy."***

Ny finoana kristiana dia tsy miorina amin'ny angano, fa amin'ny zava-misy hazavain'ny Tenin'Andriamanitra.

**Manamarina ny fitsanganany fa Mesia i Jesosy**

Ny fitsanganany amin'ny maty dia manaporofo fa marina avokoa izay rehetra nambarany.

Etsy ankilany ny fitsanganana amin'ny maty dia miteraka adihevitra sy fanoherana. Misy mitantara zavatra hafa noho ny tsy finoana. Nahoana? Satria ny fitsanganana amin'ny maty dia miantso safidy. Tsy nisy nahita izay nataon'Andriamanitra tao am-pasana tamin'ny fotoana nitsanganan'i Jesosy.

Ny vato voakodia dia tsy natao ho an'i Jesosy, fa ho an'ireo vehivavy mba hahitany ny fasana foana.

« cachée avec Christ en Dieu » (Col 3,3). Cela signifie que notre espérance ne dépend pas des situations visibles, mais de la réalité invisible et éternelle que Dieu a préparée pour nous. Le découragement peut frapper à la porte, mais il ne doit pas s'installer dans nos cœurs.

Dans ces moments d'épreuve, persévérons aussi dans une prière fervente, car c'est dans la communion avec Dieu que nos cœurs se fortifient et retrouvent la paix.

En ce temps pascal, Dieu nous invite à lever les yeux, à changer de perspective. Il ne s'agit pas d'ignorer les difficultés, mais de ne pas s'y enfermer. Chercher « les choses d'en haut », c'est recentrer notre vie sur Christ, renouveler notre confiance, et laisser l'Esprit de Dieu ranimer en nous la joie, la paix et la foi.

Que ce printemps spirituel soit pour chacun de nous une occasion de renaître intérieurement. Refusons la résignation. Saisissons la grâce que Pâques nous offre : une vie nouvelle, une espérance vivante, une force renouvelée.

Ainsi, même au cœur des tempêtes, nous pourrons marcher avec assurance, enracinés dans l'amour du Christ, et témoigner autour de nous que la vie triomphe toujours en Lui.

« Recherchez les choses d'en haut... » : tel est notre appel, telle est notre espérance.

Dr Seth RASOLONDRAIBE

## Miala amin'ny fasana izay mbola... (Tohiny)

Midika izany fa:
Nataon'Andriamanitra ilay vato voakodia hialantsika amin'ny maizina ho amin'ny fahazavana. Hialantsika amin'ny fahanginana ho amin'ny fijoroana vavolombelona.

Rehefa tonga teo am-pasana ireo vehivavy dia mbola tao anatin'ny tahotra, ny fisalasalana ary ny fahanginana. **Toy ny fasana koa ny fon'izy ireo tamin'izany.**

Rehefa nahare ny tenin'ny anjely izy ireo dia niala teo, ary teny an-dalana no nihaona tamin'i Jesosy.

Ny finoana, ry havana, dia mandeha aloha vao mahita.

**Mialà amin'ny "fasana" eo amin'ny fiainanao**

Mety mbola misy fasana itoerantsika: Fahazarana ratsy, tahotra sy tebiteby, tsy finoana sy fisalasalana

Aza mitoetra ao intsony. Mivoaha!

Satria velona i Kristy, dia afaka miala amin'izany ianao.. Mandehana amin'ny finoana, na dia tsy mbola mahita aza. Tahaka an'i Maria: Nandre ny Tenin'Andriamanitra nentin'ny anjely izy dia nandeha, na dia tsy mbola nahita aza

Rehefa mandray fanapahan-kevitra hino sy handeha ianao, dia eo amin'ny lalana no hihaonanao amin'i Jesosy.

Aoka ho vavolombelon'ny fitsanganana ianao Tsy natao hijanona ao amin'ny fahanginana isika.

**Miantso antsika ny Paska:**

hizara ny finoantsika , hijoro ho vavolombelona, hanambara fa velona i Jesosy

Ry havana, ny hafatra amin'izao Paska izao dia tsotra:

Mialà amin'ny fasana, mandehana amin'ny finoana, dia hihaona amin'i Jesosy velona ianao.

Amen.

Dr Seth RASOLONDRAIBE



## « Ary Petera niloa-bava ka nanao hoe: Hitako marina tokoa izao fa tsy mizaha tavan'olona Andriamanitra » Asa 10.34

Faly miarahaba antsika ry Havana nahatratra izao fetin'ny Paska 2026 izao. Maniry indrindra ny akon'izany fitsanganan'I Kristy tamin'ny maty izany hanavao ny fiainantsika. Ny herin'ny fitsanganana amin'ny maty ihany koa handrava izay mety endrika fizahan-tavan'olona tavela any anatintsika any.

Indray andro ry Havana nisy namana iray izay Mpitsabo no asany. Niasa tamin'ny Hopitaly izy io ary niharan'ny fanavakavaham-bolikoditra. Indray maka dia hoy ilay marary notsaboiny taminy hoe : "Antsoy aty ny Dokotera hiresaka amiko". Namaly anefa izy nanao hoe : "Izaho no Dokotera fa misy resaka tiana hatao ve ?", kanefa tsy nety nino mitsy ilay marary fa ilay ranamana no Dokotera noho ny fiodirany zarazara-oditra. Angamba tsy miendrika hanan-tsaina ho lasa Dokotera raha mainty oditra ? Tranga mety hita any amin'ny toeram-pisaboana izany ry Havana, kanefa tsy latsa-danja amin'izany ihany koa ny mety ho hitantsika mitranga ao am-piangonana. Indraindray dia tafalatsaka anaty fitsarana ivelany ny vahoakan'Andriamanitra ka manavakavaka na manameloka ary manilikilika aza indraindray.

Mampatsiahy antsika indray ny fijoroana vavolombelona nataon'I Petera hoe : "Tsy misy fizahana tavan'olona ao amin'Andriamanitra".

# « Ary Petera niloa-bava ka nanao hoe: Hitako marina tokoa izao fa tsy mizaha tavan'olona Andriamanitra » Asa 10.34

Zavatra telo loha ry Havana no azonintsika mafy avy amin'izany.

**1° Tsy mizaha tavan'olona Andriamanitra**

Ny atao hoe mizaha tavan'olona ry Havana dia manome lanja na manambany olona iray avy amin'ny alalan'ny fihaviany na ny fiodirany na koa ny endriny ivelany. Raha eto amin'ity andinin-tSoratra Masina ity dia ny fanavahana ny Jiosy sy ny Romana no endrika mety hisehoan'izany fizahana tavan'olona izany. Raha jerena tokoa ny tantara dia alaim-panahy isika handray an'Andriamanitra ho miangatra amin'ny fifidianany ny Israely ho vahoakany.
Kanefa tokoa tsy mba toy izany Andriamanitra fa nomeny ny Zanany Lahitokana noho ny fitiavany izao tontolo izao (Jao.3.16).

Manomboka amin'ny toko faharoan'ny Asan'ny Apostoly ka hatramin'ny toko fahasivy dia hita fa nanomboka tao Jerosalema, avy eo nihitatra tany Jodia sy Samaria ny fitoriana ny Filazantsara. Manomboka eto amin'ny toko faha-folo kosa dia amin'I Kornelio, izay hafa firenena na koa Jentilisa no ahafantarantsika azy, no mandray izany Filazantsaran'I Jesosy Kristy izany. Andriamanitra tokoa tsy mijery ny endrika amam-bika na ny fihaviana, fa ny famonjena ilay olombelona noforoniny no maha-maika Azy mba hananganana indray ilay endrik'Andriamanitra ao anatiny izay rotidrotiky ny fahotana.

Ito fijoroana vavolombelona nataon'I Petera eto ito ry Havana dia manambara ny fahatanterahan'ny Fanekem-pahasoavana nataon' Andriamanitra tamin'I Abrahama. Hoy Andriamanitra tamin'I Abrahama hoe : “ary aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany”(Gn.12.3b).

Tanteraka ao amin'I Jesosy Kristy tokoa izany satria tsy ny Jiosy irery intsony fa na avy amin'ny Grika, na Romana, na Malagasy na avy amin'ny firenena hafa dia migoka ny famonjena efa nomanina fahagola izany. Ny olona tokoa dia mijery izay manaitra ny maso, fa ny mason'Andriamanitra kosa dia mifantoka amin'ny fon'ny olona (1 Sam.16.7)

**2° Andriamanitra manameloka ny fizahana tavan'olona**

Araka izany toetran' Andriamanitra izany ry Havana dia nantsoina koa isika mba tsy hanao fizahana tavan'olona. Hoy Jakoba : “Ry rahalahiko, aoka tsy hasiana fizahan-tavan'olona ny finoanareo ny Tompontsika, dia Jesosy Kristy, Tompon' ny voninahitra”(Jak.2.1). Ny vahoakan'Andriamanitra ry Havana dia mety samy hafa fihaviana, samy hafa fomba nahazatra, na samy hafa toetra ihany koa. Ireo anefa no nantsoina amin'ny anaran'I Jesosy ho tena iray ao Aminy. Mety alaim-panahy isika noho izany fahasamihafana izany hanavakavaka sy hitsitokotoko kanefa tsy sitrak'Andriamanitra izany.
Rehefa tapitra ny ain'I Jesosy ry Havana teo amin'ny hazo fijaliana dia nitriatra ny lamba manasaraka ny efitra masina sy ny efitra masina indrindra tao amin'ny Tempoly (Mt.27.51). Izany dia midika fa ny famonjena vitany teo amin'ny hazo fijaliana dia nampihavana antsika mivantana amin'Andriamanitra Ray. Ny apostôly Paoly koa dia


TELECHARGER L'APPLI FPMA FRANCE









Photo Evènement Repenser la FPMA 28/02/2026 à Massy

## " Ary Petera niloa-bava ka nanao hoe: Hitako marina tokoa izao fa ... " ( Tohiny )

mampianatra antsika fa ny ràn'I Kristy no nampihavana antsika samy vahoakan'Andriamanitra ka nandrava ny efitry ny fampisarahana rehetra. Ho izy hoe :" 13 fa ankehitriny kosa, ao amin'i Kristy Jesosy, hianareo izay lavitra fahiny dia efa nampanakeken'ny ran'i Kristy.14Fa Izy no fihavanantsika, Izay naha-iray antsika roa tonta ka nandrava ny efitry ny fisarahana," (Ef.3.13-14)

Tandremo ry Havana fa tsy sitrak'Andriamanitra ny fanavakavahana avy amin'ny alalan'ny fihaviana na firazanana. Tsy eken' Andriamanitra ny fanavakavahana ara-pananahana hieverana ny lahy na ny vavy ho marefo na ambany noho ny tena. Ny fanaovana izany dia fanambaniana ilay endrik'Andriamanitra ao anatin'ny hafa. Ary tsy sitrak'Andriamanitra ny fizarazarana na fitsotokotokoana noho ny fifanitonana amin'ny endrika ivelany. Amin'izao andro Paska izao dia tsaroantsika ity fahamarinana ity manao hoe : "27Fa na iza na iza hianareo no natao batisa ho an'i Kristy dia nitafy an'i Kristy. 28Tsy misy intsony na Jiosy na Grika, na andevo na tsy andevo, na lahy sy vavy; fa iray ihany hianareo rehetra ao amin'i Kristy Jesosy." (Gal.3.27-28)

**3° Andriamanitra manasitrana ny fo mpizaha tavan'olona**

Farany ry Havana, Andriamanitra ihany no mahay manafaka antsika amin'ny fizahana tavan'olona. Raha jerena akaiky ry Havana dia takaitra azontsika avy amin'ny fahotana ny fanavakavahana. Raha tsorina dia asan'ny maizina izany satraia na ny teny fototra nandikana ny teny hoe "devoly" aza dia midika hoe : "ilay mpanasaraka, ilay mpandrava". Amin'ny alalan'ny fizahana tavan'olona no hiasan'ilay ratsy hamafy fampisaratsarahana sy fitsitokotokoana eo amin'ny vahoakan'Andriamanitra. Izany anefa dia efa noravain'I Jesosy Kristy teo amin'ny hazo fijaliana ary nandreseny ny fasana.

Hatrany amin'ny Genesisy toko fahatelo tokoa mantsy dia efa nambara ny fandresena ny ratsy amin'ny alalan'ilay hatera-behivavy. Hoy Andriamanitra : "Dia hampifandrafesiko hianao sy ny vehivavy ary ny taranakao sy ny taranany: izy hanorotoro ny lohanao, ary hianao kosa hanorotoro ny ombelahin-tongony."(Gn.3.15).

Tanteraka ao amin'I Jesosy Kristy izany fandresena miezinezina izany tamin'ny nanekeny hofaty hisolo vona antsika sy ny nandreseny ny fahafatesana. Fahavalo efa resy ry Havana ilay ratsy izay manetsika ny fizahana tavan'olona. Raha mbola manana izany fahalemena izany isika dia entintsika eo amin'I Jesosy izany hositraniny.

Mety misy ratra koa anefa ao anatinao vokatry ny fanilihina sy fizahana tavan'olona natao taminao. Ento eo amin'ny Tompo mba hositraniny ny fonao ary angataho ny hery avy aminy ahafahana mamela heloka.

Enga anie izao Paska fandresena izao ry Havana hanafahan'Andriamanitra antsika koa mba handresy ny lolompo sy ny fankahalana.

Manonona ny fiadanan'ny Tompo ho aminao.

Past Henintsoa Rasolonjatovo




## « Je suis la résurrection et la vie. Celui qui croit en moi vivra, quand même il serait mort. » Jean 11.25

Frères et sœurs en Christ, notre joie pascale se fonde sur la résurrection du Christ. Non seulement qu'il est ressuscité d'entre les morts, mais il est lui-même la résurrection et la vie.

Peut-être aujourd'hui il y a parmi nous des personnes comme Marthe : elles aiment Dieu, mais leur cœur est lourd à cause d'un deuil, à cause d'une déception ou d'une prière qui tarde. D'autres ressemblent à celui qui a perdu son travail, sa stabilité ou sa santé, et qui se demande comment se relever. D'autres encore sourient devant les gens, mais portent intérieurement une fatigue profonde, comme si quelque chose était déjà mort en eux. Or, le message pascal entre justement dans ces lieux fermés de nos expériences de vie pour annoncer : « en Christ, la mort n'a pas le dernier mot. »

La joie de Pâques, ce n'est pas nier les larmes ; c'est découvrir qu'au milieu même des larmes, la vie du Ressuscité se tient encore devant nous. Comme le printemps après l'hiver, comme l'aube après une longue nuit. Alors aujourd'hui, relevons les yeux pour contempler la victoire de notre maître. Peut-être que le tombeau de notre cœur semble encore être fermé, mais Pâques nous appelle à l'allégresse : le Christ est vivant, et celui qui croit en lui n'est jamais enfermé définitivement dans la mort.

Là où Jésus entre, l'espérance renaît, la paix revient, et la joie pascale recommence à jaillir dans notre cœur.

Past Henintsoa Rasolonjatovo

# REPENSER LA FPMA

## “Jésus-Christ est le même hier, aujourd’hui et pour l’éternité” ( Hébreux 13:8 )

Chers soeurs et frères en Christ,

Nous rendons toute la gloire à Dieu pour la 2ème édition de « **Repenser la FPMA** », qui s’est déroulée au-delà de nos espérances.

Ce temps a été bien plus qu’un moment de réflexion : il nous a permis non seulement de repenser ensemble l’Église, mais aussi de vivre concrètement la communion et la mission qui nous unissent.

### UNE VISION CLAIRE POUR NOTRE ÉGLISE

A travers deux conférences, nous avons été rappelés à deux fondements essentiels : **L’Église est envoyée par Dieu pour annoncer l’Évangile et faire des disciples** : “Allez, faites de toutes les nations mes disciples ...” Mat 28 : 19

**Pour accomplir cette mission, l’Église est appelée à soutenir fidèlement le ministère pastoral :** “Le Seigneur a prescrit à ceux qui annoncent l'Évangile de vivre de l'Évangile.” 1 Cor. 9:14




### DES ÉCHANGES RICHES ET CONCRETS

Trois ateliers ont permis des temps d’échanges riches, marqués par **la participation de groupes intergénérationnels et reflétant la diversité linguistique de notre Église** (malgachophone et francophone).

Ensemble, nous avons réfléchi : à ce qui caractérise une Église véritablement vivante : une Église fondée sur la Parole de Dieu (atelier 1) à la situation actuelle de la FPMA (atelier 2). au soutien au ministère pastoral, véritable défi pour notre Église face au manque de pasteurs (atelier 3).

Enfin, un dernier atelier a permis à chaque paroisse d’élaborer un plan d’action concret, afin de faire avancer l’Église locale dans sa mission d’évangélisation (atelier 4).

### NOS REMERCIEMENTS

Nous adressons un grand merci à toutes les personnes qui ont contribué, de près ou de loin, à la réussite de cet événement.

Un remerciement particulier :

**- aux pasteurs qui nous ont aidé dans la préparation de l’évènement** (ligne directrice, programme, ateliers, prières et exhortations) : Pasteur Toky Rakoto Andrianony, Pasteur Hobi Randrianarison, Pasteur Nomena Ramaroson, Pasteur Aina Mandresy Rakotondrandisa, Pasteur Henintsoa Rasolonjatovo, Pasteur Fidy Rafidinarivo et Pasteur Paul Mamy Tiana Andriamihangy

**- aux pasteurs intervenants** pour leurs messages édifiants et inspirants : Pasteur Seth Rasolondraibe, Pasteur Jeannot Randrianandrasana, Pasteur Toky Rakoto Andrianony, Pasteur Hobi Randrianarison, Pasteur Nomena Ramaroson, Pasteur Aina Mandresy Rakotondrandisa, Pasteur Henintsoa Rasolonjatovo, Pasteur Fidy Rafidinarivo et Pasteur Paul Mamy Tiana Andriamihangy .

**- aux 32 animateurs des ateliers** qui ont su guider et encourager les échanges avec sagesse et bienveillance,

**- aux membres des sections nationales** pour leur engagement précieux dans l’organisation et la logistique,

**- à l’église FPMA Aix-Marseille** qui nous a accueilli dans le sud (salle, traiteur, logistique etc.)

**- au bureau central de la FPMA** pour sa confiance et son soutien,

**- à tous les participants** (+ de 400 !!) qui ont fait de cet évènement un moment d’échange plus qu’enrichissant ;

Enfin, nous remercions **toutes les personnes qui nous ont soutenus et portés dans la prière** tout au long de la préparation et de la réalisation de cet événement.

**Documents et Replay:** le replay de l’évènement est en préparation et sera bientôt disponible. Nous vous tiendrons informés !

Le PPT de l’évènement est accessible ici : Diapo RLF.pdf Le dépliant expliquant le projet et la souscription à la caisse nationale pour le ministère pastoral est également disponible : Dépliant RLF - Zaikabe 2025.pdf

Les notes des ateliers seront partagées prochainement après consolidation (l’atelier 4 sera envoyé aux responsables de paroisse).

Enfin, si vous souhaitez nous partager un retour, une idée ou une remarque, n’hésitez pas à nous contacter à notre adresse mail : copil-lwf@fpma.church

*Photos & vidéos bientôt disponibles sur le site de la FPMA National https://www.fpma.church/, les sites et RS des sections nationales.*

Que le Seigneur continue de conduire Son Église, la FPMA, afin que nous avancions ensemble dans la mission qu’Il nous confie.

Fraternellement en Christ,

*Au nom du COPIL Repenser la FPMA,*

“Le Seigneur a ordonné à ceux qui annoncent l’Évangile de vivre l’Evangile.” 1 Cor 9:14

# ZAIKABE GRAND SUD
## FATSATS - FATSAN

« Hampitomboina ho anareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana amin'ny fahalalana tsara an'Andriamanitra sy Jesosy Tompontsika. » 2 Petera 1:2

Fifaliana ho anay ny mizara amintsika ny amin'ny Zaikaben'ny faritra atsimo na Zaikabe Grand Sud, izay natao tany SainteTulle ny 28 sy 29 martsa 2026 teo noho ny fahasoavan'Andriamanitra.

Fotoana lehibe manana ny lanjany manokana ny Zaikabe Grand Sud, satria fotoana atokanay sy iainanay faritany roa « Faritany Atsimo Atsinanana sy Faritany Atsimo Andrefana » marina ny firaisana ao anatin'ny fahasamihafanay, iray ao amin'i Jeso Kristy izay mampiray anay. Niara-miasa tamin'ny fifaliana sy tamin'ny fitiavana, nifampizara traik'efa araka ny fanomezam-pahasoavana nomen'i Tompo avy.

Natomboka sy nofaranana tamin'ny fanompoam-pivavahana ny Zaikabe. Nisy ireo fiofanana samihafa nentin'ireo mpitandrina avy eto amin'ny faritany roa ; tsy adino ireo atrik'asa sy ny takarivam-pirahalahiana narahana fotoam-bavaka. Teo koa ny asa sy fampaherezana ny alahady maraina ary notohizana tamin'ny fanatanjahan-tena talohan'ny sakafo maraina. Niisa teo amin'ny 300 mahery ny isan'ireo vahoakan'Andriamanitra nanatrika izany.

Ny lohahevitra niompanan'ny zaikabe ary nanakoako nandritra ny roa andro dia : « Fa tsy menatra ny filazantsara aho ; fa herin'Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino izany, » Rom 1.16

Heniky ny hafaliana ny mpizaika satria samy nahazo vatsim-panahy ary resy lahatra avokoa, fa tsy hisy ho menatra, fa ho sahy ny hijoro ho vavolombelon'ny Filazantsara dia i Jeso Kristy, ilay Teny tonga nofo, sy ny hitory izany. Hijoro ho vavolombelon'ny Fitiavan'Andriamanitra sy ny fiombonana dia ny fiombonana amin'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay anton'izao Zaikabe Grand Sud izao rahateo.

Raha folo taona lasa (taona 2016) izay ny Zaikabe Grand Sud farany, dia manome fotoana antsika afaka folo taona indray ve ?

Apetratsika amin'i Tompo sahady izany, fa haiNy ny manao ny zavatra rehetra amin'ny fotoaNy avy.

Isaorana anie Andriamanitra, ho Azy irery ny voninahitra ; ho amintsika mandrakariva kosa ny fifaliana sy ny fiadanana.

Amin'ny anaran'ny faritra atsimo

Mpitandrina Mpandrindra FATSATS Pst Clément RAKOTO

Mpitandrina Mpandrindra FATSAN Pst Charles RAKOTONDRAMANANA

Filoha FATSATS (teo aloha) Pst Haja RAKOTOVELO sy Andry RABEHASY (amperin'asa)

Filoha FATSAN Nadia DELMOTTE



### PLAN D'ACTION SUITE À L'ÉVÈNEMENT REPENSER LA FPMA

Lors de la dernière rencontre, quatre axes essentiels ont été abordés afin de mieux comprendre, repenser et vivre notre mission en tant qu'Église vivante :

**1. RETROUVER LE SENS DE LA MISSION**

Se rappeler pourquoi l'Eglise existe : annoncer l'Evangile et servir les autres
Sortir du repli sur soi et remettre la mission au centre de la vie de l'Eglise

**2. REDONNER VIE AUX ÉGLISES LOCALES**

Découvrir des exemples concrets d'églises qui ont retrouvé un nouvel élan
Comprendre ce qui peut aider nos communautés à repartir, même après des temps difficiles

**3. MIEUX COMPRENDRE ET SOUTENIR LE RÔLE DU PASTEUR**

Clarifier le rôle du pasteur
Rappeler que l'Eglise a la responsabilité de le soutenir, notamment pour permettre un ministère à plein temps durable

**4. PASSER AUX ACTIONS CONCRÈTES**

Aider chaque église à repartir avec des décisions claires et un plan simple, pour avancer concrètement dans la mission durant l'année à venir
Au cours de cette journée, un atelier par paroisse vous a permis de réfléchir ensemble à un plan d'action. Vous le trouverez en pièce jointe.
Nous vous invitons à le partager avec l'ensemble des paroissiens, à l'approfondir davantage et à le présenter lors de l'assemblée des communiants. Notre souhait est que ce plan ne reste pas simplement un document, mais qu'il se traduise par des actions concrètes au sein de chaque communauté, comme nous y encourage la Parole : « Mettez en pratique la parole, et ne vous bornez pas à l'écouter… » (Jacques 1:22).

En tant que responsables d'Église et membres du synode, nous comptons sur vous pour être des ambassadeurs de ce projet « Repenser la FPMA », qui nous concerne tous. Ayons la conviction et le courage nécessaires pour que notre Église puisse pleinement répondre à sa mission d'évangélisation. Comme le Seigneur nous l'enseigne dans les Écritures : "Allez, faites de toutes les nations mes disciples ... " Mat 28 : 19 "

Le Seigneur a prescrit à ceux qui annoncent l'Évangile de vivre de l'Évangile. " 1 Cor. 9:14

Le COPIL RLF

# FANDAHARANA PASKA 2026

**FEON'ORGA**

**Mpitarika** : Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.

**Fiangonana** : Amen

**ANTOKO MPIHIRA**

**FIFAMPIARAHABANA - FIANTSOANA**

**Hira : 146 ("Anao ny dera, ry Zanaky ny Ray ")**

**VAVAKA FIHAONANA**

**SITRAPON'ANDRIAMANITRA**

**FIAIKEN-KELOKA**

**Mpitarika :** (Vavaka)

**Fiangonana :**

« Ry Rainay be Famindram-po ô, mitalaho aminao izahay ; Mamelà ny helokay ; Diovy izahay ho afa-pahotana ; Sasao izahay ho afa-keloka ; Ary havaozy ny fanahinay mba ho vonon-kanompo Anao. Ny fitiavan'i Jesosy Kristy Zanakao Mpamonjy anay no angatahanay Aminao. Amena. »

**Hira** : Ry Andriamanitra Tompo Ray any an-danitra ô, mamindrà fo aminay !
Ry Jesosy Tompo Mpamonjy izao tontolo izao, mamindrà fo aminay !
Ry Fanahy Masina Tomponay Mpampionona ô, mamindrà fo aminay !

**TENY FAMELAN-KELOKA SY FIHAVANANA**

**FANKALAZANA**

**Mpitarika** :Voninahitra any amin'ny Avo indrindra ho an'Andriamanitra

**Fiangonana** : Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany.

**Hira : 122, and. 1 sy 2 (" Hitako izao sakaiza")**

**FAMAKIANA NY TENIN'ANDRIAMANITRA**

**Hira** : **133, and. 1, 2 sy 3 ("Efa namangy ny olony")**

**Mpitarika :** Ho aminareo anie ny Tompo

**Fiangonana :** Ary ho amin'ny fanahinao

**Mpitarika :** Vavaka noho ny Teny

**TESTAMENTA VAOVAO:** Asa. 10, 34 - 43

**EPISTILY** : Kolosiana 3, 1 - 4

**FILAZANTSARA :** Matio 28, 1 - 10

**Fiangonana :** Isaorana anie ny Tompo noho ny Filazantsara !

**FANEKEM-PINOANA**

**Hira : 133, and. 4, 5 sy 6 ("Teniny tsy mba mivadika")**

**TORITENY**

**FEON'ORGA**

**FILAZAN-DRAHARAHA**

**RAKITRA**

**Hira** : **128, F.F. 26, 140**

**Hira fanolorana :**

Ry Tompon'ny harena ô,
Fanatitra an-tsitrapo
Atolotray Anao izao ;
Mba raiso ka tahionao. Amena.

**FANDRAISANA NY FANASAN'NY TOMPO**

**Hira : 141, and. 1, 4 sy 5 ("Efa resy izao na dia ny fasana aza")**

**Mpitarika :** Ho aminareo anie ny Tompo ! Aoka hizara ny fiadanana isika

**Fiangonana :** Ho aminao anie ny Tompo !

Ary ho aminao koa

**SURSUM CORDA** (Mitsangana)

**Mpitarika :** Asandrato ny fonareo ho eo amin'ny Tompo

**Fiangonana :** Asandratray ny fonay ho eo amin'ny Tompo

**Mpitarika** : Aoka ho deraintsika ny Tompo Andriamanitra

**Fiangonana :** Mendrika ho deraina Izy

**PRÉFACE** (Mitsangana)

**Mpitarika** : Eny tokoa Tompo o, Ray Masina, Andriamanitra mandrakizay, mahefa ny zavatra rehetra, mety sy mahavonjy ny isaoranay anao amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tomponay, izay tia anay sy nanolo-tena hamonjy anay ; amin'ny alalany koa no ideran'ny anjely ny fiandriananao sy itsaohan'ny fanapahana sy ny fahefana rehetra anao amin'ny tahotra ary iarahan'ny fiangonana any an-danitra sy ety an-tany midera ny anaranao amin'ny fihobiana ary izahay koa ankehitriny miara-manandratra ny feonay aminy, ka amin'ny fanajana lehibe no ideranay hoe :

**Hira : Antema 1 ( Sanctus )**

Masina ! Masina ! Masina Jehovah Tompo ! Feno ny voninahitrao izao rehetra izao ry Tompo ô ! Amena

**VAVAKA :** ( Fisaorana, Anamnèse, Epiclèse ) (Mipetraka)

Mpitarika : Ry kristiana malala, aoka isika hahatsiaro an'i Jesoa Kristy izay maty nisolo antsika sy nitsangana ho fanamarinana antsika, dia fanati-pihavanana natolotr'Andriamanitra antsika, ary aoka isika hiara-misaotra sy hivavaka :

Misaotra Anao izahay Andriamanitra Rainay, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa noho ny famindram-ponao aminay mpanota mahantra, dia nomenao ny Zanakao Lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay.

**Fiangonana :** Efa maty Kristy, efa nitsangana Kristy ary ho avy amim-boninahitra.

**Mpitarika :** Noho izany ry Tompo, Rainay any andanitra ô, indreto izahay manao eto anatrehanao ny fahatsiarovana ny fahatongavan'ny Zanakao ho olona, ny fijaliany sy ny fahafatesany, ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiakarany tamim-boninahitra sy ny fifonany mandrakizay ho anay, ka miandry sy mitalaho ny fiverenany izahay.

**Fiangonana :** Amena, avia Jesoa Tompo !

**Mpitarika :** Ankehitriny, Ray ô, aidino ny Fanahy Masina mba hameno ny fonay ka handraisanay tokoa ny Tomponay amin'ny finoana velona amin'izao izy manatona anay amin'izao fanasana izao. Fa ny Fanahy Masina no aharianao, amelomanao, anamasinanao ary anomezanao anay ny zava-tsoa rehetra.

**Fiangonana :** Amena, avia Fanahy Masina !

**Mpitarika :** Misaotra Anao izahay ry Jeso Kristy Tompo ô ! Midera ny Anaranao izahay ry Zanak'Andriamanitra Lahy Tokana Mpamonjy anay ! Ankalazaina anie Hianao noho ny fitiavanao izay mahery noho ny fahafatesana. Ary izahay izay tonga eto anatrehanao hiombona amin'ny latabatrao dia mangataka mba hampiraisonao Aminao, ohatrin'ny sampana amin'ny voaloboka. Ampianaro hifankatia tahaka ny nitiavanao anay izahay, ary aoka izahay hiara-manana amin'ny fiangonana masina manontolo ny fiononana sy ny fifaliana Aminao, dia Hianao izay miara-manjaka amin'ny Ray sy ny Fanahy Masina hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.

**Fiangonana :** AMENA !

**TENY FANORENANA SY FANAMASINANA** (Mitsangana)

**Mpitarika** : Jeso Kristy Tompo tamin'ny alina izay namadihana Azy dia nandray ny mofo, ary rehefa Nisaotra Izy dia novakiany ka hoy Izy :

« Raiso, hano, ity ny tenako izay omena ho anareo, izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. »

Ary toy izany koa ny kapoaka rehefa nihinana, dia hoy Izy :

« Misotroa amin'ity hianareo rehetra, fa ity no rako dia ny amin'ny fanekena vaovao izay alatsaka ho an'ny rehetra ho famelan-keloka. Koa na oviana na oviana no misotro hianareo, dia izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. »

Misaotra ny Ray, izay nampahamendrika antsika hanana anjara amin'ny lovan'ny olona masina eo amin'ny mazava. Amena.

**Hira : 117 (Agnus Dei)**

**Mpitarika** : Efa nandray ny Fanahy mahazanak'Andriamanitra antsika isika, koa izany no hahafahantsika manatona ny Ray, hoe

**Fiangonana** : (Vavaka nampianarin'ny Tompo)

**FANASANA**

**Mpitarika :** Ny mofo izay vakiantsika
dia firaisana amin'ny Tenan'i Jeso Kristy Tompontsika.

Ny kapoaky ny fisaorana izay isaorantsika dia firaisana amin'ny ran'i Jeso Kristy Tompontsika.

Hoy ny Tompo : Andeha, efa voavotra avokoa ny zavatra rehetra !

**FANDRAISANA : 138, 135, 167**

**TENY FAMPAHEREZANA** (mitsangana)

Mpitarika : Jeso Kristy Tompontsika izay voahombo tamin'ny hazo fijaliana ka nitsangana tamin'ny maty no efa nanome anareo ny Tenany sy ny Rany izay nanavotany anareo tamin'ny fahotana rehetra, Izy anie hampahery sy hiaro anareo amin'izany amin'ny finoana marina ho fahasambarana mandrakizay. Ho aminareo anie ny fiadanana !

**Fiangonana** : AMENA

**Hira** : **266 (« Ry Jeso Tompo, Hianao »)**

VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA

**HAFATRA SY TSODRANO**

**Hira : 142, and. 1 sy 2 ("Tafatsangana tokoa")**

**Mpitarika :** Ho aminareo anie ny Tompo.

**Fiangonana :** Ary ho amin'ny fanahinao.

**TSODRANO**

**Hira : 142, and. 4 ("Haja, laza aterinay")**

**Mpitarika :** Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay. Amena.

Mandehana amin'ny fiadanana, ka manompoa ny Tompo !

**Fiangonana :** ISAORANA ANIE ANDRIAMANITRA !

**FEON'ORGA FIRAVANA**